



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fiteavana · Tenindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-193

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-DALÀNA LAHARANA FAHA-007-2021/PL TAMIN'NY 17 NOVAMBRA 2021 «SUR LA PARTICIPATION DES FEMMES AUX POSTES DE DÉCISION» NATOLO-DRAMATOA RAZANAMAHASOA CHRISTINE HARIJAONA,
SOLOMBAVAMBAHOAKA VOAFIDY TAO AMBATOFINANDRAHANA

Fivoriana Faha-5
Natao ny
Alatsinainy 23 Mey 2022
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera

FOTOANA: Alatsinainy 23 Mey 2022, tamin'ny 11 sy 25 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolodalàna laharana faha-007-2021/PL tamin'ny 17 Novambra 2021 «sur la participation des femmes aux postes de décision» natolo-dRamatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Solombavambahoaka voafidy tao Ambatofinandrahana.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantika.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka, tafahaona eto indray androany.

Arahabaina ihany koa ny solotenan'ny Governemanta tonga manatrika izao fivoriana izao.

Miangavy anao, Ramatoa Mpitantsoratra, mba hanamarika ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka.

- 2 -

- Fiantsoana anarana -

Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka namana rehetra.

Araka ny fanaontsika, iangaviana ny Solombavambahoaka mba hanonona ny laharany sy ny anarany avy.

Misaotra Tompoko.

AFAKANDRO Alphonse

.....
.....
.....

ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

Vita Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Isaorana, Ramatoa Mpitantsoratra, nanao ny fanamarihana ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka teo.

Tompokolahy sy Tompokovavy, ny fandaharam-potoanantsika izao Alatsinainy 23 Mey 2022 izao dia fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2021/PL tamin'ny 17 Novambra 2021, «sur la participation des femmes aux postes de décision» natolo-dRamatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Solombavambahoaka voafidy tao Ambatofinandrahana.

Koa iangaviana ny Mpampakateny hamaky ny tatitra momba izany.

- 3 -

- Famakiana ny tatitra momba ny tolo-dalàna laharana faha-007-2021/PL -

Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Toy izao ny tatitra tany amin'ny asam-baomiera:

Nivory ny Alakamisy 19 Mey 2022 tamin'ny 9 ora, maraina sy ny Zoma faha-20 Mey 2022 tamin'ny 3 ora, tola'andro, ny Vaomieran'ny Miralenta sy Fampandrosoana, ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ny Mpiara-belona, ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy ary ny Vaomiera momba ny Lalàna nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2021/PL mahakasika ny «participation des femmes aux postes de décision» izay natolo-dRamatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Solombavambahoakan'i Madagasikara, voafidy tao Ambatofinandrahana, sady Filohan'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc, Filohan'ny Vaomieran'ny Miralenta sy Fampandrosoana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Miralenta sy Fampandrosoana tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa sy Ramatoa isany,

1. MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc
2. JOHASY RAHARISOA Eléonore
3. RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
4. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ny Mpiara-belona tonga nanatrika ny fivoriana:

1. Ramatoa BAOFENO Micheline

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. FIAROVANA Lovanirina Celestin
2. ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn
3. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera momba ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. IDEALSON
2. JOHASY RAHARISOA Eléonore
3. RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
4. RAKOTOMALALA Miarintsoa A
5. RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
6. VONINAHITSY Jean Eugène

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana anaty Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa sy Ramatoa isany,

1. RAZANAMAHASOA Christine Harijaona
2. REMI dit Djao Jean

Ireto avy ireo teknisiana nisolotena ny Governementa,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|---|---|
| 1. RABETALIANA Rova Hasimboahangy | DG-Promotion femme/MPPSPF |
| 2. RAZAKARIVONY Aina Maria | Directeur en Gender
Mainstreaming/MPPSPF |
| 3. HAVANIRINA Jolcette Emilienne | Directeur de la Promotion de la
femme/MPPSPF |
| 4. RATSIMBARISON Eveline | PRACF/MPPSPF |
| 5. DAVIDSON Mark Ny Aina | DEAJ/MTEFPLS |
| 6. VOLOLONANDRASANA Lantolalaina | DEAJ/MTEFPLS |
| 7. RAJAONARISON Faraniaina Herimanitra | DEAJ/MTEFPLS |
| 8. RAKOTONIRINA Andriamalala Jean Christian | DERL/MINJUS |
| 9. TSELANY Deborah | Magistrat DERL/MINJUS |
| 10. RAZAFINDEHIBE Céline Nathalie | VP/VMLF |
| 11. CELINE Marie Yolande | FPPE |
| 12. RABODONAVALONA Anjavolanirina | DEAJ/MTEFPLS |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an-dRamatoa Solombavambahoaka RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, izay nanolotra ny Tolo-dalàna ny fitenenana mba hitondrany fanazavana mahakasika izany.

Nandritra ny fandraisam-pitenenan-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena izay nanolotra ny Tolo-dalàna no nitondrany teny fisaorana manokana ny Filohan'ny Vaomieran'ny Miralenta sy ny Fampandrosoana tamin'ny fahatongavana sy fahavitrihan'ny mpandray anjara rehetra, indrindra tamin'ny fiaraha-misalahy nahatontosa ny famolavolana ity Tolo-dalàna ity.

Natao izao Tolo-dalàna izao, hoy izy, noho ny fahatsapana fa ambany dia ambany ny anjara-toeran'ny vehivavy malagasy amin'ny fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiaraha-monina, indrindra eo amin'ny lafiny ara-toekarena sy politika ary eo amin'ny sehatry ny asa handraisana fanapahan-kevitra.

Eo amin'ny antontan'isa dia hita fa mbola ambany ny taha satria 17% monja no isan'ny vehivavy mpikambana raha ny eto anivon'ny Antenimierampirenena no jerena; 11% izany ao amin'ny Antenimierandoholona, 37% any amin'ny Governemanta, 9% amin'ny «Gouvernorat», 5% amin'ny Ben'ny Tanàna ary 7% eny anivon'ny Filankevitra Monisipaly.

I Madagasikara anefa nanao sonia ireo fifanarahana iraisam-pirenena samihafa mahakasika ny fiahiana ny vehivavy sy ny miralenta na amin'ny fisitrahana zo mahaolona izany na koa ny fisitrahana andraikitra hahazoana tombotsoa mitovy. Koa izao Tolo-dalàna izao dia natao indrindra ho fampiharana ireo fifanarahana iraisam-pirenena ireo. Eo ihany koa ny Lalàmpanorenan'ny Repoblika faha-IV izay mivoy izany rahateo.

Arak'izany dia tokony hajaina sy hapetraka ho fepetra manokana ny fampanajana ny miralenta amin'ireo fisahanana ny asam-panjakana na amin'ny alalan'ny fanendrena na koa amin'ny alalan'ny fifidianana. Hisy noho izany ny fananganana «organe» manokana hisahana ny fanaraha-maso ny fanatanterahana ireo fepetra rehetra voalazan'ity Tolo-dalàna ity.

Amin'ny mahatolo-dalàna azy dia nandalo ny fakan-kevitra ny Governemanta izy ity mialohan'ny handiniana azy, ka efa namaly sy naneho ny heviny izy ireo (Jereo ny tovana).

Teo ampamaranana dia nitaona ny Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomiera, Ramatoa Filoha, mba haneho firaisankina amin'ny fampandiana ity Tolo-dalàna ity, satria dia zava-dehibe eo amin'ny fiainam-piaraha-monina sy ny fiainam-pirenena amin'ny ankapobeny izany.

Mahakasika ny fakan-kevitra ny Vaomiera momba Lalàna dia nilaza ny Filoham-baomiera, fa mahafeno ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha 95-n'ny Lalàmpanorenana ny hanaovana izao Tolo-dalàna izao. Ny andininy faha-6 amin'ny Lalàmpanorenana ihany koa dia mbola manamafy ny fananana zo fototra mitovy eo amin'ny lahy sy ny vavy amin'ny lafiny rehetra; koa izany indrindra no mahazava-dehibe izao Tolo-dalàna izao.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny adihevitra ny mpivory.

Nivoitra nandritra izany, fa tombondahiny lehibe ho an'ny Antenimierampirenena ny fananana Filoha vehivavy, ka tsy tokony hiraviravy tànana ny Solombavambahoaka amin'ny fandaniahana ny Tolo-dalàna.

Ny fitovian-jo eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy dia voafaritra ao amin'ny tanjona faha-5 ao amin'ny Vina amin'ny Fampandrosoana Maharitra 2030 (Objectifs de Développement Durable na ODD)¹.

1 Objectif n°5 de l'ODD : Egalité des sexes : Réaliser l'égalité des sexes et autonomiser toutes les femmes et les filles

Cibles :

5.1 – Mettre fin, partout dans le monde, à toutes formes de discrimination à l'égard des femmes et des filles

5.5 - Veiller à ce que les femmes participent pleinement et effectivement aux fonctions de direction à tous les niveaux de décision, dans la vie politique, économique et publique, et y accèdent sur un pied d'égalité

Indicateurs :

5.1.1 Présence ou absence d'un cadre juridique visant à promouvoir, faire respecter et suivre l'application des principes d'égalité des sexes et de non-discrimination fondée sur le sexe

5.5.1 Proportion de sièges occupés par des femmes dans a) les parlements nationaux et b) les administrations locales

5.5.2 Proportion de femmes occupant des postes de direction

Fisaorana no atolotra ireo rehetra niara-nisalahy nahatongavana amin'izao dingana izao. Fivoarana lehibe tokoa izao na dia ny fahasahiana nanao izany fotsiny aza. Koa izay indrindra no tsy tokony hisalasalana na hihemorana hampandany ity Tolo-dalàna ity izay efa dingana lehibe.

Ity Tolo-dalàna ity dia mikendry ny hahatomombana ny fifamenoan'ny lahy sy vavy amin'ny sehatr'asa rehetra misy sy ny andraikitra sahanin'izy ireo, fa tsy natao hampisy elanelana na hanilihana ny lehilahy velively akory.

Nanazava ny teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampiroboroboana ny Vehivavy, fa raha miresaka ny atao hoe «parité femmes-hommes» dia tsy ny fitoviana arak'isa (égalité numérique) loatra no heviny, fa ny fahazoan'ny vavy sy ny lahy misitraka zo mitovy (principe d'égal accès et égale participation), toy izay voalaza ao amin'ny fanamarihana nataon'ny Governemanta rahateo.

Nandritra ny fandrafetana ity Tolo-dalàna ity dia nisy tokoa ny fakan-kevitra ary mahakasika sehatra maro izany. Nisy ireo nitsipaka ary hatramin'ny vehivavy aza dia betsaka no tsy resy lahatra teny amboalohany noho ny tsy fahazahoana ny tena votoatiny sy ny hevitra fonosin'ny Tolo-dalàna.

Tsy tokony hijanona amin'ity lalàna ity ihany noho izany ny ezaka atao, fa tokony hisy ny fanentanana sy fandresen-dahatra ireo vehivavy mba ho sahy handray andraikitra amin'ireo sehatra fanapahan-kevitra.

Ny zavatra tsapa dia efa miroso sy tafiditra amin'ny fampiharana ny miralenta isika izao, ka isaorana manokana ireo rehetra niara-nisalahy tamin'ny famolavolana ny Tolo-dalàna.

Nandritra ny adihevitra tamin'ny ankapobeny dia nanapakevitra ny Vaomiera fa hitondra fanovàna sy fanitsiana amin'ny tolo-dalàna (Jereo ny tovana).

Toy izao manaraka izao ny fandaniana isan'andininy nataon'ny mpivory:

- Famelabelarana ny antonantony: lany tsy nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy Voalohany: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-2: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-3: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-4: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-5: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-6: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-7: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-8: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-9: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-10: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-11: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-12: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-13: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-14: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-15: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-16: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaniana amin'ny ankapobeny ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia nolanian'ny Vaomieran'ny Miralenta sy Fampanandrosoana, ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ny Mpiara-belona, ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy ary ny Vaomiera momba ny Lalàna tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-007-2021/PL mahakasika ny «participation des femmes aux postes de décision» ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana ny Zoma 20 Mey 2022 tamin'ny 7 ora, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

TOVANA

<u>EXPOSE DES MOTIFS</u>	<u>EXPOSE DES MOTIFS</u>
.... Cette délimitation utile est précédée <u>préalablement</u> par quelques définitions destinées à orienter le citoyen sur la portée pratique de la loi. Cette délimitation utile est précédée par quelques définitions destinées à orienter le citoyen sur la portée pratique de la loi. ...
CHAPITRE I GENERALITES	CHAPITRE I GENERALITES
<u>Article 1.-</u> La présente loi a pour objet de promouvoir la participation des femmes aux postes de décision ainsi que sur le processus de prise de décisions dans la vie politique et publique. La participation des femmes à la vie politique et publique vise la mise en œuvre de l'objectif constitutionnel d'égalité de Genre, <u>et in fine, et de Programme National sectoriel de Parité.</u>	<u>Article 1.-</u> La présente loi a pour objet de promouvoir la participation des femmes aux postes de décision ainsi qu'au processus de prise de décisions dans la vie politique et publique. La participation des femmes à la vie politique et publique vise la mise en œuvre de l'objectif constitutionnel d'égalité de Genre.
CHAPITRE II DEFINITIONS	CHAPITRE II DEFINITIONS
<u>Article 2.-</u> Au sens de la présente loi, on entend par : ○ Parité : le fait pour une femme et	<u>Article 2.-</u> Au sens de la présente loi, on entend par : - <i>Parité</i> : le fait pour une femme

<p>un homme de faire l'objet d'une représentation équitable et juste au sein des Institutions.</p> <ul style="list-style-type: none"> ○ Vie politique et publique : ensemble des activités d'une personne portant sur l'intérêt général et qui relève de la sphère publique. ○ Postes décisionnels : fonction publique élective ou nominative à travers laquelle une personne dispose d'un pouvoir de décision. ○ Processus de prise de décision : ensemble de procédures et de démarches à l'issue desquelles une action publique est initiée et mise en œuvre. Elle peut concerner son initiateur ou encore ceux qui y ont participé de façon incidente. ○ Genre : les rôles sociaux attribués par une société donnée aux hommes et aux femmes qui la composent. ○ <u>Programme sectoriel de Parité : politique publique élaborée et mise en œuvre par l'Etat central conformément aux normes internationales admises sur la notion de parité.</u> 	<p>et un homme de faire l'objet d'une représentation équitable et juste au sein des Institutions.</p> <ul style="list-style-type: none"> - <i>Vie politique et publique</i> : ensemble des activités d'une personne portant sur l'intérêt général et qui relève de la sphère publique. - <i>Postes décisionnels</i> : fonction publique élective ou nominative à travers laquelle une personne dispose d'un pouvoir de décision. - <i>Processus de prise de décision</i> : ensemble de procédures et de démarches à l'issue desquelles une action publique est initiée et mise en œuvre. Elle peut concerner son initiateur ou encore ceux qui y ont participé de façon incidente. - <i>Genre</i> : les rôles sociaux attribués par une société donnée aux hommes et aux femmes qui la composent. <p style="text-align: center;">- <u>Supprimé</u> -</p>
<p style="text-align: center;">CHAPITRE III</p> <p>DE LA REPRESENTATION FEMME-HOMME</p> <p>Article 3.- Conformément à la notion de parité <u>femme-homme</u>, les représentations citoyennes féminines aux postes de décision <u>porte</u> sur :</p> <ul style="list-style-type: none"> - les postes nominatifs ; - les fonctions nominatives. <p>A cet effet, il est formellement interdit d'introduire une clause</p>	<p style="text-align: center;">CHAPITRE III</p> <p>DE LA REPRESENTATION FEMMES-HOMMES</p> <p>Article 3.- Conformément à la notion de parité <u>femmes-hommes</u>, les représentations citoyennes aux postes de décision portent sur :</p> <ul style="list-style-type: none"> -les postes nominatifs ; -les fonctions électives. <p>A cet effet, il est formellement interdit d'introduire une clause discriminatoire eu égard au</p>

discriminatoire eu égard au sexe de la personne concernée autre que les compétences requises pour la fonction.

*SECTION 1
DES POSTES NOMINATIFS*

Article 4.- Au sens de la présente loi, les postes nominatifs sont ceux dévolus :

- aux Membres du Gouvernement ;
- à la représentation de l'Etat ;
- aux postes de délégations spéciales établies au niveau des Collectivités Territoriales Décentralisées ;
- aux emplois de l'Etat.

Les modalités d'exécution du présent article seront fixées par voie réglementaire.

*SECTION 2
DES FONCTIONS ELECTIVES*

Article 5.- Afin de garantir une égale représentation femme-homme aux postes nominatifs, les nominations doivent être encadrées par les principes de parité femme-homme.

A cet effet, un organe consultatif ad hoc dédié au genre est érigé pour évaluer le respect de la parité femme-homme.

Article 6.- Le comité consultatif ad hoc dédié au genre est chargé d'émettre la recommandation sur le respect de la parité femme-homme sur les fonctions énumérées à l'article 5 du présent texte.

Article 7.- Le comité consultatif ad hoc dédié aux questions de genre est composé de :

sexe de la personne concernée, autre que les compétences requises pour la fonction.

*SECTION 1
DES POSTES NOMINATIFS*

Article 4.- Au sens de la présente loi, les postes nominatifs sont ceux dévolus :

- aux Membres du Gouvernement ;
- à la représentation de l'Etat ;
- aux postes de délégations spéciales établies au niveau des Collectivités Territoriales Décentralisées ;
- aux Hauts Emplois de l'Etat.

Article 5.- Afin de garantir une représentation équitable femmes-hommes aux postes nominatifs, les nominations doivent être encadrées par les principes de parité.

Les modalités d'exécution du présent article seront fixées par voie réglementaire.

*SECTION 2
DES FONCTIONS ELECTIVES*

Article 6.- Nonobstant les dispositions légales concernant les différentes catégories d'élections ainsi que celles portant sur l'organisation des partis politiques, une proportion de 50% est requise concernant la présentation des candidats par les partis politiques. Elle est incluse par les diverses catégories d'élections.

Des dispositions réglementaires préciseront les modalités d'exécution du présent article.

Article 7.- Lors des catégories d'élections mentionnées à l'article 6, chaque candidat (e) femme-homme est tenu (e) de contribuer équitablement aux charges électorales qui incombent aux partis politiques ou groupement de partis politiques.

<p>- un (01) représentant du <u>Gouvernement en charge des questions de genre ;</u></p> <p>- un (01) représentant de l'Assemblée nationale et un (01) représentant du <u>Sénat issu d'une Commission permanente en charge des questions de genre ;</u></p> <p>- deux (02) Magistrats spécialisés dans <u>les questions de genre, désignés par leurs pairs.</u></p> <p><u>Les modalités d'application du présent article sont définies par voie réglementaire.</u></p> <p>Article 8.- <u>Nonobstant les dispositions légales concernant les différentes catégories d'élection ainsi que celle portant sur l'organisation des partis politiques, une proportionnalité d'au moins 50% est obligatoire concernant la présentation par les partis politiques de candidats. Elle est incluse par les diverses catégories d'élection.</u></p> <p><u>Toute candidature présentée par un parti ou groupement de partis ne respectant pas cette proportionnalité est irrecevable.</u></p> <p><u>Des dispositions réglementaires préciseront les modalités d'exécution du présent article.</u></p> <p>Article 9.- <u>Lors des catégories d'élection mentionnée à l'article 8, chaque candidat femme-homme est tenu de contribuer équitablement aux charges électorales qui incombent au parti politique ou groupe de partis politiques.</u></p> <p><u>A cet effet, le parti politique ou le groupe de partis politiques est tenu d'apporter tout son soutien aux candidats proposés sans aucune discrimination de sexe ou de genre à leurs égards.</u></p> <p><u>La sanction de la violation du précédent alinéa est l'invalidation de la candidature proposée.</u></p>	<p style="text-align: center;">SECTION 3 DE L'OBSERVATOIRE DU GENRE</p> <p style="text-align: center;">Article 8.- Il est créé un organe consultatif dénommé « Observatoire du genre » pour évaluer le respect de la parité femmes-hommes.</p> <p>Cet Observatoire dédié au genre est chargé d'émettre les recommandations sur le respect de la parité femmes-hommes relatives aux postes nominatifs et aux fonctions électives.</p> <p>Article 9.- L'Observatoire dédié aux questions de genre est composé de :</p> <ul style="list-style-type: none"> - un (01) représentant du Gouvernement en charge des questions de genre ; - un (01) représentant du Sénat, issu de la Commission permanente en charge des questions de genre ; - deux (02) représentants de l'Assemblée Nationale, issus de la Commission permanente en charge des questions de genre ; - deux (02) Magistrats spécialisés dans les questions de genre, désignés par leurs pairs ; - un (01) représentant de l'Organisation de la société civile. <p>Les modalités d'application du présent article sont définies par voie réglementaire.</p>
--	--

<p style="text-align: center;">CHAPITRE IV DES VOIES DE RECOURS JURIDIQUES AU MANQUEMENT AU PRINCIPE DE PARITE <u>FEMME-</u> <u>HOMME</u></p> <p style="text-align: center;"><u>SECTION 1</u> <u>LES FONCTIONS NOMINATIVES</u></p> <p><u>Article 10.- La Haute Cour Constitutionnelle statue sur toute requête relative aux nominations des membres du Gouvernement dans le cadre du respect de la parité femme-homme. Elle rend un Arrêt d'invalidation ou de confirmation de la nomination sur consultation de l'avis de l'organe consultatif ad hoc en charge des questions de genre.</u></p> <p><u>Article 11.- Le Tribunal administratif statue en premier et dernier ressort en ce qui concerne les autres catégories de nominations ainsi que sur toutes catégories d'élection.</u></p> <p><u>Article 12.- La procédure introduite devant les juridictions mentionnées aux articles 10 et 11 sont écrites et contradictoires.</u></p> <p><u>Article 13.- Toute personne présentant un intérêt sérieux peut saisir le Tribunal compétent concernant les catégories de nomination et d'élection.</u></p> <p><u>Article 14.- Dès lors que la juridiction compétente constate un manquement aux principes de parité mentionnés dans ce présent texte, il prononce l'annulation de la nomination ou l'invalidation de la candidature en cas d'élection.</u></p>	<p style="text-align: center;">CHAPITRE IV DES VOIES DE RECOURS AU MANQUEMENT AU PRINCIPE DE PARITE FEMMES-HOMMES</p> <p style="text-align: center;">-Supprimé-</p> <p style="text-align: center;"><u>Article 10.- La Haute Cour Constitutionnelle et les juridictions administratives statuent en fonction des contentieux relevant de leurs compétences respectives.</u></p> <p style="text-align: center;"><u>Article 11.- Toute personne ayant justifié d'un intérêt légitime peut saisir les juridictions compétentes.</u></p> <p style="text-align: center;">-Supprimé -</p> <p style="text-align: center;">Supprimé -</p> <p style="text-align: center;">-Supprimé -</p>
--	--

<p><u>En cas d'invalidation, la décision de la Cour est transmise à l'organe en charge des élections.</u></p>	
<p style="text-align: center;">CHAPITRE V DISPOSITIONS FINALES</p> <p>Article 15.- Toutes dispositions contraires, antérieures à la présente loi, sont et demeurent abrogées.</p> <p>Article 16.- La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République de Madagascar et exécutée comme loi de l'Etat.</p>	<p style="text-align: center;">CHAPITRE V DISPOSITIONS FINALES</p> <p>Article 12.- Toutes dispositions contraires, antérieures à la présente loi, sont et demeurent abrogées.</p> <p>Article 13.- La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République de Madagascar et exécutée comme loi de l'Etat.</p>

Vita, Ramatoa Filoha.

- 4 -

- Fanitsiana ny tatitra -

Ramatoa FILOHA

Isaorana, Ramatoa Mpampakateny, nitondra izany tatitra izany.

Sao misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra izay novakiana tamintsika teo. Tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny aloha isika. Avy amintsika Solombavambahoaka, aorian'izay ny solotenan'ny Governemanta na ny «organisme» fototry ny fanolorana ity lalàna ity.

Tsy misy diso ny anarana ao amin'ny tatitra.

Ao amin'ny pejy faha-3 ao amin'ny tatitra, ao amin'ny andalana faharoa, asiana «t» ny teny hoe «Governora».

Tsy novakiana «version originale» tao amin'ny tovana fa ny «version amendée» ihany no novakian'ny Mpampakateny teo. Isika efa samy nahita teo ambany masontsika, fa misy andininy vitsivitsy nofoanana rehefa avy nohatsarina ny tolo-dalàna.

Ny Governemanta sao manan-kambara na ny Vondrona Miralenta
Tsy misy izany.

Alohan'ny hidirantsika amin'ny fandinihana ity tolo-dalàna ity; iangaviana ianao, Ramatoa Mpampakateny, hamonjy ny toeranao.

Manolotra fisaorana ho anao ary omena lalana ianao.

- Tehaka -

Izany tehaka mirefodrefotra izany no ataontsika noho ny tatitra nataonao teo.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, indray no nitarika ny fivoriana teto satria Ramatoa Filoha no nanolotra ny tolo-dalàna, ka nomena toerana teo amin'ny sezan'ny Mpampakateny izy hitondrany fanazavana mikasika izany.

Andriamatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy, niarahantsika nahita teo fa vita ny tatitra nataon'ny Mpampakateny.

Alohan'ny hirosoantsika amin'ny adihevitra ankapobeny, omentsika fitenenana ny Filohan'ny Antenimierampirenena, ny Solombavambahoaka hajaina RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambatofinandrahana satria ny tenany no manolotra an'izao tolo-dalàna izao. Heverina fa ny tenany no hanazava amintsika sy mahafehy ny toe-tsaina, ny lalan-tsaina nahatonga azy nanoratra sy nanolotra an'izao tolo-dalàna izao. Omena anao, Ramatoa Filoha, ny fitenenana.

- 5 -

- Fanazavana ny tolo-dalàna laharana faha-007-2021/PL -

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andriamatoa Filoha Mpitarika ny fivoriambe ankehitriny; ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena; Ramatoa Mpitantsoratra sady Kestoran'ny Faharoan'ny Antenimierampirenena; ianareo Solombavambahoaka namana; ianareo solotenan'ny Governemanta; ianareo solotenan'ireo Vondrona Miralenta sy ny Vondrona Mpiaro ny zon'ny Vehivavy sy ny Zaza izay manatrika etoana. Tompokolahy sy Tompokovavy.

Araka ny efa novakiana tamintsika tamin'ny tatitra teo no antony nanosika ahy nanolotra izao tolo-dalàna izao. Noho ny fahatsapana fa ambany tokoa ny anjara toeran'ny vehivavy eto Madagasikara amin'ny lafiny fandraisana andraikitra eo amin'ny fiaraha-monina, indridndra eo amin'ny lafiny politika sy toekarena.

Voalaza teo ny antontan'isa manambara ny fahavitsian'ny vehivavy manana andraikitra ambony eto amin'ny firenena; na eo amin'ny fitantanana ara-panjakana izany na eo amin'ny olom-boafidy.

Raha eto amin'ny kaotianta Afirikana no jerena, voamarina fa somary tara ihany koa isika Malagasy amin'izay lafiny izay satria, maro ny firenena Afirikana efa mametraka lalàna ho fiarovana ny zon'ny vehivavy. Raisina ohatra amin'izany, ny ao "Rwanda", izay iarahantsika mahalala fa efa mampiasa ny miralenta, ny any "Sénégal, Tchad, Tunisie, Niger, Mali, Togo, Côte d'Ivoire, Burkinafaso" sns... Ireo firenena ireo no efa nametraka ny miralenta any aminy.

Ny tanjon'izao tolo-dalàna izao dia ny hampisongadina ny vehivavy Malagasy, ny hampiroborobo ny fitarihan'ny vehivavy na ny «leadership féminin» ary ny hitaona azy ireo hiditra amin'ny sehatra avoavo kokoa dia amin'ny fandraisana andraikitra amin'ny fanapahan-kevitra eo anivon'ny ferenena izany.

Voalaza fa ny 50% maherin'ny vahoaka Malagasy dia vehivavy avokoa. Tsy ho tanteraka ny fampandrosoana ny firenena raha avela anjorom-bala ny antsasamanilan'ny mponina ao aminy.

Raha ny votoatin'ny tolo-dalàna no resahana dia nambara fa tokony hajaina hatrany ny miralenta na eo amin'ny fanendrena olona na eo amin'ny fifidianana. Ohatra, ny fanendrena ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta, ny fanendrena ireo mpisolotena ny fanjakana amin'ny sehatra samihafa sy vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, ny fanendrena ireo “délégation spéciale” ary ny fanendrena ireo mpiasam-panjakana ambony isan-karazany.

Eo amin'ny lafiny fifidianana kosa, takiana amin'ny antoko politika manolotra ny lisitry ny mpilatsaka hofidiana ny hanajana fepetra mba ho ny 50%-n'ny mpilatsaka no vehivavy.

Hajoro noho izany ny “organe consultatif” izay omena anarana hoe “observatoire du genre”; ahitana solotena avy ao amin'ny Governemanta, ny Antenimierampirenena, ny Antenimierandoholona, ny solotenan'ny Mpitsara misahana manokana ny miralenta ary ny solotena avy amin'ny “société civile” mba hanara-maso ny fanatanterahana ireo fepetra ireo.

Andriamatoa sy Ramatoa Solombavambahoaka namana, hajaina; ianareo avy ao amin'ny Minisitera isan-tsokajiny sy ianareo avy ao amin'ny sehatra misahana ny miralenta sy ny vehivavy. Ny fitovian-jo eo amin'ny vavy sy ny lahy izay takiantika dia tsy zo fototra amin'ny mahaolona ihany, tsy tafiditra ao anatin'ny fepetra demokratika fotsiny, fa tena fanorenana ny fampandrosoana maharitra eto amin'ny firenena; amin'izay mba samy hanana anjara andraikitra mitovy amin'ny lafiny fampandrosoana ny zanaky Malagasy rehetra; na lahy na vavy dia tsy tokony hisy havahana. Toy izay sy toy izay, Tompokolahy sy Tompokovavy no votoatin'ny tolo-dalàna naroso, koa manainga antsika mba handany azy rehefa vita ny famelabelarana natao.

- 6 -

- Fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka sy ny teknisiana -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra, Ramatoa Filoha, tamin'ny famelabelarana nataonao teo.

Tsy tampenam-bava isika, heverina ihany koa fa manan-danja eto amin'ny firenena ity tolo-dalàna narosonao ity, Ramatoa Filoha. Raha mety, aleo arosontsika avy hatrany ny adihevitra ankapobeny.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka rehetra handray anjara amin'ny adihevitra; aorian'izay, mangataka ny hevitra ny Governemanta isika raha ankasitrahantsika.

Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra. Miarahaba ny tekisiana sy ny solotenan'ny vondrona miralenta ihany koa.

Ny tenako, Ramatoa Filoha, no Solombavambahoaka anisan'ny nitarika ny fivoriana mikasika ity tolo-dalàna natolotrao ity ary namolavola niaraka tamin'ireo firaisamonim-pirenena ihany koa.

Misy resaka mandeha any ambadika any manao hoe: atao ahoana io 50% io, terena ve ny fitondram-panjakana hanao izany. Tsy miady amin'ny lehilahy ny vehivavy ary tsy hiady ho ambonin'ny lehilahy izany ny vehivavy saingy miady ny zony.

Araka ny teny nataon-dRamatoa Filoha nanolotra ny tolo-dalàna teo dia mba hampifadanja ny hery eto amin'ny firenena ary hampandraisana andraikitra ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fifidianana na hotendrena hitondra ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny koa izy.

Tsy manan-kambara firy ny tenanay, Ramatoa Filoha, fa manainga ny namana rehetra handany azy ity aorian'ny fanampim-panazana amin'ny hevitra mampihazohazo antsika satria tolo-dalàna hahasoa ny firenentsika sy tolo-dalàna hipetraka. Mandany azy no anjara asantsika eto amin'ny Antenimierampirenena, mijery ny fiainana eny anivon'ny fiarahamonina ary ampiharina ho lalàna.

Misaotra antsika rehetra.

Andriamatoa DINAH Romual

Isaorana ianao, Ramatoa Filoha, nanao ity tolo-dalàna ity. Ho lany ity tolo-dalàna ity fa aza matahotra.

Ny indrokely fotsiny, mila ezaka isika eto Madagasikara. Raha ny resaka fifidianana, ny ezaka ataontsika mianakavy dia ny sarambagem-bahoaka no tokony hifidy. Ny ezaka ataontsika mianakavy dia ny fanentanana ny vehivavy mba hihetsiketsika ho hitan'ny vahoaka any anaty fiarahamonina mba haharesy lahatra ny vahoaka hifidy azy. Fifaninana io, tsy midika izany fa izay milatsaka hofidina dia ho lany, fa mila mihetsiketsika alohan'ny filantsahan-kofidina mba ho hita taratra amin'ny zavatra miabo. Ilain'ny olona ny mandresy lahatra azy. Koa entanina ny vehivavy rehetra mba handray andraikitra ary rehefa milatsaka hofidina dia mba mahazo isan-jato ambony.

Mikasika ny fanendrena, mahita aho fa miankina amin'ny fihetsiketsehana koa izany. Raha ohatra ny tenako lany ho Filohan'ny Repoblika, hanendry olona eo amin'ny toerana politika aho, ka ny zavatra hojereko voalohany dia hoe olona nihetsiketsika nampandany ahy izy. Mila vehivavy lohalisitra nampandany olona iray ho lany ary ninoan-teny, naharesy lahatra olona ka lany iny olona iny.

Mbola fanamafisana ihany: omeko ohatra isika, misy ny atao hoe andron'ny 8 Martsa. Ny mahagaga ahy, mivoaka avy any hoe andro tsy iasan'ny vehivavy io andro io, fa ny lehilahy indray no miasa. Mampametrika fanontaniana hoe: tena amin'ny fon'ny Malagasy ve ity 8 Marsa ity satria tokony ho andro tsy iasana ho an'ny lehilahy sy vehivavy izany. Iza no hikarakara ao antokan-trano; raha ny fanasana tonga ao an-trano dia fanasana amin'ny anaran-dramatoa sy andriamatoa.

Antsoin'ny vehivavy hamonjy fanasana hanatrika lanonana izy mivady, ny lehilahy anefa mbola any am-piasana satria miasa. Lasa tsy izy roa no mandeha mamonjy fanasana.

Ianareo ao amin'ny Minisiteran'ny Mponina, miresaha amin'ny fitondram-panjakana mba ho andro tsy hiasan'ny lahelahy sy ny vehivavy ny 8 Martsa raha toa mifanojo amin'ny andro iasana. Matetika ny sehatra tsy miankina no manararaotra ary tsy afenina amintsika, fa misy sehatra tsy miankina manery vehivavy tsy maintsy miasa amin'ny andron'ny 8 Martsa.

Mila mihetsiketsika mahery vaika ianareo vehivavy hanatanterahana ity tolo-dalàna ity. Raha mbola toy izao no «position»-ntsika na lany aza ity tolo-dalàna ity dia mbola tsy ho tafavoaka hatrany isika. Mahaiza makatahaka ny fihetsiketsehana ataon'ny lehilahy ianareo. Miteny hoe: inona no antony mahalany an'ireo lehilahy ireo foana ho olom-boafidy, fa izahay vehivavy tsy mba lany.

Avy hatrany dia mihetsiketseha ianareo, ka rehefa milatsaka hofidina dia lany avy hatrany satria hitan'ny vahoaka fa nihetsiketsika hatramin'ny omaly ianareo.

Ny fanohananao ny Filohampirenena hilatsaka hofidina dia ataovy toy ny fietsiketsehan'ny lehilahy hanohana azy satria rehefa lany izy, tsy mijery hoe vehivavy na lehilahy, fa izay vonona no miara-miasa aminy.

Misaotra anareo vehivavy, fa ianareo no kitapo nifonosana fa izahay dia mandefitra foana na inona na inona ataonareo.

Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba antsika rehetra.

Naniry tokoa ny tenako hanatrika io asam-baomiera io, fa noho ny antony tsy azo ialana izay miankina aman'aina dia tsy afaka nanatrika izany.

Hita fa ambany ny tahan'ny vehivavy manana toerana ambony satria raha ny Faritr'Itasy, Bongolava ary Vakinankaratra; ireo Faritra mifanila ireo dia tsy misy Solombavambahoaka vehivavy. Vitsy ny vehivavy mandray andraikitra; na te-handray andraikitra aza ny vehivavy dia izao no olana: lazaina fa akohovavy maneno izahay, lazaina fa tsy hoentin'ny vehivavy ny lehilahy. Ireo no sakana tsy ahafahana mandroso. Ny vehivavy lazaina fa fanaka malemy kanefa tsara ampahafantarina antsika, fa olombelona feno ara-tsaina, ara-batana ary ara-panahy ny vehivavy, afaka manao zavatra. Tsy mbola nisy lehilahy niteraka, fa ny vehivavy irery no miteraka. Mendrika ny hotohanana izahay vehivavy. Ny Ray aman-dreny efa miova ankehitriny satria alefa mianatra ny zazavavy, alefa mandeha lavitra, fa taloha ny vehivavy tsy mba alefa mandeha mianatra lavitra izany, fa mijanona manampy ao an-trano.

Manentana ny tomponandraikitra rehetra aho hoe: olona afaka mahavita zavatra ny vehivavy. Tamin'ny fampielezan-kevitra izahay dia nilaza fa raha samy manana 3000 Ariary ny lehilahy sy ny vehivavy; ny an'ny lehilahy ividianany labiera dia lany; ny an'ny vehivavy kosa, ividianana sira, «gouter» ho an'ny ankizy, ividianana savony ary mbola misy 500 Ariary ampirimina hijerena ny ampitso. Manana fahaiza-mitantana ny vehivavy, fa tsy tokony hatao ambanin-javatra.

Ramatoa Filoha, mankasitraka ny fanoloranao ity tolo-dalàna ity izahay. Handany tsy misy fepetra ny tolo-dalàna ny tenako.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba antsika rehetra Solombavambahoaka namana.

Misaotra, anao Ramatoa Filoha, tamin'ny fanolorana ity tolo-dalàna ity.

Resy lahatra ny tenako manoloana ity tolo-dalàna ity satria hitako ny mahazava-dehibe azy.

Ny fanamarihana andraisako fitenenana dia tokony hanana toe-tsaina matoky tena ny vehivavy satria tsapa ny tsy fahasahiana amin'ny firosahana hofidina. Tokony hijery olona afaka hiara-miasa aminy ny vehivavy. Eo koa ny fanentanana mba hananany fahasahiana amin'ny zavatra atao. Ny antony, ny tsy fahasahian'ny vehivavy no tsy ahatratarany ny tanjona kendreny amin'ny fampanandrosoana iarahana mitantana ny miralenta.

Raha misy ny fanampiana ara-bola, hanampy anareo vehivavy ny tenako mba hampitombo ny fahasahiana anananareo.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa REMI Dit DJAO Jean

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.

Gaga ihany aho satria vehivavy no Filohan'ny Antenimierampirenena. Rehefa nirotsaka ho kandidan'ny Antenimierampirenena izy, tsy nandatsaka kandida ny mpanohitra. Ahoana no tsy mampitovy antsika amin'izany. Mbola tsy nahazo seza koa anie ny vehivavy lehibentsika raha tsy izao; mahagaga ihany izany. Rehefa natao ity tolo-dalàna ity dia tsy maintsy fidiana ary ankasitrahana satria olona tiantsika no nanolotra azy sady hampitovy lenta.

Izao no zavatra hitako: izahay lehilahy ihany no teneninareo, fa matetika ianareo vehivavy no tena fetsy. Izao no mahafetsy anareo, mbola mijaly ianareo miantehitra aminay lehilahy hoe ampio amin'ny fiainana izahay, tahaka izay koa ny fianarana. Rehefa vita ny fianarany, misaraka aminay ianareo avy eo. Inona no ataontsika manoloana izany; tokony hodinihana ihany izay zavatra izay.

Faharoa, ny “mariage” tsy fombantsika Malagasy, ny “mariage” dia teny vazaha; ny fombantsika dia manao fanambadiana fomban-drazana izay nataon’ny Ray aman-dReny taloha.

Rehefa manambady dia soratana amin’ny vehivavy ny fananana rehetra, raha nahita lehilahy hafa tany izy, ariany ianao, azony ny tranonao, ny fanananao, ny fiaranao; ny fanananao rehetra lasany daholo. Maro ny vehivavy manao an’izany. Noho izany, ny vehivavy no tena fetsy, fa tsy izahay lehilahy. Lasany ny ombinay, ny fiaranay, ny tranonay avy eo ariany izahay rehefa mahita lehilahy hafa tsaratsara izy. Tavela eo izahay, ny fananana rehetra anefa lasany daholo. Ny vehivavy mbola tanora, rehefa antitra izahay dia ariany, kanefa ny vola rehetra ampidiriny any amin’ny kaontiny daholo. Zava-misy izany ary zavatra tsy mety. Afaka mandinika ity tolo-dalàna ity ary samy afaka mamoaika ny heviny mikasika izany isika. Tsy nisy niteny hoe lehilahy ihany no fidina, fa ny vehivavy tsy fidina; efa maro ny vehivavy Solombavambahoaka amin’izao fotoana izao. Tsy nisy niteny hoe tokony tsy hofidina izany izy ireo. Arakaraka ny fitiavan’ny olona antsika no ifidianan’ny olona antsika.

Lalàna efa natao izy ary noho ny fanajanay anao, Ramatoa Filoha dia hofidinay ity zavatra ity. Izaho efa 25 taona no naha Solombavambahoaka ahy izao. Ny lehilahy izay efa Filoha teo, nisy mpifaninana daholo, fa ny vehivavy tsy mba nisy. Midika ve izany fa tsy tianay ny vehivavy.

Ny zava-misy, fetsy ianareo vehivavy, lasany ny zavatrany madinidinika, avy eo mandeha mitady vehivavy ny lehilahy. Tsy misy lehilahy tsy mitady vehivavy izany ary rehefa miaraka aminay lehilahy ianareo dia angatahanareo vola koa. Aza angatahana vola izahay. Raha dinihana, mpamahana anareo vehivavy izahay, ka tsy maintsy ho reraka izahay amin’ny farany. Ny vehivavy tsy reraka satria mangataka vola aminay lehilahy ianareo. Raha tena marina, tokony hanome vola anay lehilahy koa ianareo vehivavy satria mitovy zo isika. Rehefa mitovy zo, omeo vola izahay lehilahy, tahaka ny ataonay aminareo satria mitovy zo aminay ianareo. Izay no fiheverako azy, ny vehivavy manaraka lehilahy satria izay no fomban-drazantsika. Misy zavatra azo foanana ary misy ny tsy azo foanana; ohatra, rehefa maty ny zaza, milevina any amin’ny rainy, fa tsy any amin’ny reniny. Sarotra ny fanovàna izany satria efa misy fomba. Ny fomban-drazantsika tsy tsara raha ovaina. Ny lehilahy rehefa manao jaloko, efa hafa ny fandinihantsika azy.

Mitovy lenta isika rehetra raha ny fitondrana entin’Andriamatoa Filohampirenena Andry RAJOELINA no jerena. Nahazo vahana ianareo vehivavy ary ianao, Ramatoa Filoha, miteny eto aho, fa hatramin’izao tsy hitako izay fadisoana nataonao tao amin’ny Birao Maharitra, fa ny “Vice-Présidente” sasany no mamoaatsampona. Rehefa nahazo seza dia namoaatsampona; vehivavy izany. Izaho izao lazaiko aminareo, fa avy amin’ny Vondrona IRD aho ary mbola manohana an’Andriamatoa Filohampirenena Andry RAJOELINA. Ny Filohan’ny Vondrona Parlemantera IRD, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert io avy any “Port Bergé”; nandeha tany an-toerana ny “Vice-Présidente”-n’ny Faritanin’i Mahajanga, hanohitra ny Filohan’ny Vondrona Parlemantera IRD. Isan-taona ny “Vice-Présidente” sy ny Birao Maharitra tsy nanao an’izany. Ny Solombavambahoaka tsy sefon’ny namany, noho izany, tsy maintsy manaja ny Solombavambahoaka namany ihany koa. Ny Birao Maharitra rehefa hanao “tournée” dia tsy maintsy manetsika ny Solombavambahoaka any amin’ny toerana handehanany. Ohatra lazaiko eto, tany Antsohihy ianao, Ramatoa Filoha, samy tany isika; nomena alalana hikabary ianao, kanefa noho ny fahendrena anananao milaza hoe misy Solombavambahoaka eto, ka aleo izy no hikabary. Marina ve izany sa tsy marina; izaho no

nikabary, fa ianao tsy nanao an'izany. Ny Birao Maharitra sasany kosa, tsy manao izany ny vehivavy. Ny vehivavy nahazo seza, hafahafa ny sasany. Koa aleo hiaraka isika hanamboatra azy ity satria efa mitovy lenta aminay ianareo; ianao rahateo koa efa lehibenay ary ny vehivavy amin'izao, maro no nahazo seza. Ny fanjakana misy amin'izao fotoana izao no nanao izany, maro ny vehivavy no nahazo seza ankehitriny, koa aza omena tsiny ny Filohampirenena raha nampihatra izany; ahitana vehivavy betsaka tomponandraikitra ihany koa ato amintsika aminin'izao itenenantsika izao.

Misaotra antsika na izany aza ary mampirisika antsika lehilahy koa mba hanao lalàna tahaka izao nataon'ny vehivavy izao satria isika mba manana olona tiavina toa azy ireo. Noho izany, miangavy antsika rehetra mba handany an'ity tolo-dalàna ity na dia misy aza zavatra maharary anay ataonareo vehivavy sasany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.

Misaotra Tompokolahy sy Tompokovavy

Andao holanantsika ity tolo-dalàna ity.

Andriamatoa FILOHA

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka manaraka.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ho tohin'ny resaka nataon'ny Andriamatoa REMI Dit DJAO Jean teo, zavatra mitombina tokoa izay voalazany izay; na izany aza tsy midika hoe tsy handany an'ity tolo-dalàna ity izahay, fa misy zavatra tsy itoviansika. Izahay tsy afaka miteraka, tsy afaka mampinono tokoa, fa ianareo vehivavy no manao izany; tsy mahay mitaiza zaza loatra izahay. Noho izany, aza mifanjana aminay lehilahy ianareo; tsy maintsy mitaiza zaza ianareo ary tsy misy zavatra tsy azonareo atao anie amin'izao fotoana izao. Azonareo atao daholo, saingy ilaina atao lalàna izany mba hifanaraka amin'ny lalàna ny zavatra rehetra hialana amin'ny toe-tsaina lomorina manambany anareo vehivavy.

Manaiky izahay ary miangavy ny namana rehetra mba handany an'ity tolo-dalàna ity, fa na hasianareo hoe ny vehivavy afaka mitory fitia amin'ny lehilahy aza, tsy olana izany, amin'izay tsy sahirana izahay lehilahy.

Misaotra, Andriamatoha Filoha.

Mitaona antsika rehetra mba handany an'ity tolo-dalàna ity izahay.

Andriamatoa FILOHA

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka manaraka.

Andriamatoa AFAKANDRO Alphonse

Misaotra, Adriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ramatoa Filoha; isika Solombavambahoaka; ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta tonga manatrika eto ary ny solotenan'ny Minisitara isan-karazany.

Tsy hohalavaiko ny resaka, fa maro izay efa vita teo izay.

Mitovitovy amin'izay efa voalaza teo, tsy hanambany ny zavatra horeshahina eto aho. Tsotra ny tanjona, misaora ny Tompo nanome hery sy tanjaka satria misy tokoa ny Reny nanolotra izao tolo-dalàna izao.

Hiady amin'ny vola hoe, tsy lany laniana izany, fa ho lava ity zavatra hataontsika ity.

Ny ahy ny hetahetako, isika Malagasy talohan'ny naha Krisitiana antsika, talohan'ny naha "Musulman" antsika; nanana kolotsaina maha Malagasy antsika isika. Maninona isika no mivily lalana satria diso ny mangalatra ny kolotsain'ny hafa hoe ka hisy fitovian-jo sy saranga. Marina ny resaky ny rahalahy sy anabavy teo; misy fomban-drazana any amintsika any mampiavaka ny lehilahy sy ny vehivavy. Nataon'Andriamanitra tsy hitovy anie isika izao. Tsy misy mihitsy ny itoviany, fa raha ny hoe saranga araka ny noresahana teo, misy ny fiakarana amin'ny voninahitra na ny fahefana.

Ny angatahana eto, Ramatoa Filoha, tokony hojerena ao anaty tolo-dalàna ny anampiana azy amin'ny fomba maha Malagasy ny Malagasy sady isika koa misy foko maromaro; samy manana ny fomba mampiavaka antsika tsirairay avy isika. Izay tsy midika hoe fanambaniana vehivavy kanefa tokony hifandanjalanja izay, fa raha isika no mivily tanteraka amin'ity, simba ity firenentsika ity.

Misy resaka nataon'ny anabavy teo hoe: ny akohovavy tsy maneno. Tsy maneno tokoa ny akohovavy amintsika Malagasy. Milaza loza raha maneno izy, vonoina malaky. Izay no fomba maha Malagasy ny Malagasy. Ny zavatra itoviana eto dia misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanolotra ity tolo-dalàna ity teto amin'ny Antenimierampirenena mba holaniana; ho ren-tany, ho ren-danitra hoe manaraka ny lalana andalovan'ny maro koa isika. Matokia fa ny tsangan-tànana hatao izao io, olona marary tànana no tsy hanangan-tànana eo. Izay marary tànana, aoka tsy hanangan-tànana, fa ity tsy maintsy lany. Ny fangatahako, "mihataka ny johary amin'ny aly" fa tsy mendrika loatra. Tsy mendrika loatra izany any aminay satria izay misolo, misoro anaka; tsy ny vehivavy no mangataka fa ny lehilahy. Ho ren-danitra, ho ren-tany, manoloana ny vazan-tany valo; izay no mila apetraka ho masaka tsara amin'ny taranaka dimby, solofo sy fara ho fantany hoe Malagasy aho, Malagasy ny razako, ny finoako fa fitovian-tsaranga ara-taratasy no ataontsika.

Izay no fangatahako, Ramatoa Filoha, aleo avahana ny lahy sy ny vavy amin'ny fomban-drazana satria sarotra izany fomban-drazana izany. Ny vehivavy tsy hilanja lehilahy maty mihitsy na oviana na oviana fa ny lehilahy no milanja faty.

Misaotra antsika rehetra; mialatsiny amin'ny resaka nataoko teo raha diso aho.

Andriamatoa FILOHA.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tao Sakaraha.

Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique

Mankasitraka, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mankasitraka an-dRamatoa Filohan'ny Antenimerampirenena, nanao izao tolo-dalàna izao.

Mazava ny voalaza fa amin'ny alalan'ny "poste" no mandray fanapahan-kevitra na ara-politika izany na ara-teknika saingy misy toerana itombenan'ity tolo-dalàna ity tokoa. Raha ny tenako manokana, zava-dehibe amiko ary tsy sanatria akory fakana tahaka an'ireo firenena vahiny, fa mivoatra tsikelikely ny toe-draharaha ara-politika eran-tany, indrindra amin'ny mahaolombelona, ilaina ny fipetrahan'ny vehivavy amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra.

Ny zavatra tsara homarihana; na inona na inona no hataontsika dia mbola endriky ny fahantran'ny firenena ny zava-misy eto amintsika amin'izao fotoana izao satria ny fototra iaingan'izany dia tsy misy afa-tsy ny fanabeazana ihany. Raha mba mikasa ho lasa lavidavitra isika; momba ity tolo-dalàna ity amin'ny fampianarana ny ankizivavy Malagasy, tokony hojerena akaiky izany satria na inona ny tolo-dalàna hataontsika na inona, raha mbola mipetraka any amin'ny faritra ambanivohitra ny tsy fampianarana ny zaza any ifotony, ataoko fa mandeha ila ihany ity tolo-dalàna ity. Tsara raha ezahana apetraka dieny izao ny ahafahan'ny zaza Malagasy, indrindra ny vehivavy mba hisehatra amin'izany fampianarana izany. Iarahantsika mahita fa sarotra ny fampianaran-zaza amin'izao fotoana any ambanivohitra noho ny fahantrana. Tokony hiara-dalana amin'izany ny fametrahana ny tolo-dalàna mikasika ny vehivavy sy ny fivoaram-piainany ara-piaraha-monina amin'ny sehatra rehetra mba hahafahany mivelatra sy mampandray anjara azy dieny mbola kely ny tenany. Atako angamba fa tsy ho latsa-danja amin'izany ny vehivavy Malagasy rehefa tonga ny fotoana ametrahana azy amin'izany toerana handraisany fanapahan-kevitra izany na ara-politika izany na amin'ny fanendrena.

Faharoa, misy fomba Malagasy izay tsy azontsika afenina amin'ny maha Malagasy antsika, fa ny lehilahy no lohany eo anivon'ny fiaraha-monina. Tsy midika izany fa fanambaniana ny vehivavy, saingy matetika, lasa mitarika ny vehivavy rehefa mahazo an'izany toerana izany manadino ny kolotsaina Malagasy. Ity farany anefa no mametraka ny fifanajana ara-piaraha-monina eo amin'ny toerana misy azy. Raha jerena ny fombantsika hatramin'izay, saika ny lehilahy no mitsehatra amin'izany fomba Malagasy izany; na kabary io na fomban-drazana na famoran-jaza na famadihana. Tsy midika izany hoe, fialàna amin'ny fomban-drazana ny fandraisan'ny vehivavy anjara, tsia. Koa misintona ny eritreritry ny vehivavy izahay amin'ny fahazoana izany toerana fandraisana fanapahan-kevitra izany sady ho fanajantsika ny fomban-drazana maha Malagasy izay iavahantsika amin'ny firenena hafa.

Mankasitraka ity tolo-dalàna ity izahay ary manentana ny Solombavambahoaka namana mba handany azy.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambositra.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka namana rehetra.

Miarahaba manokana anao, Ramatoa Filoha, sady mpanolotra ny tolo-dalàna ihany koa.

Efa niady hevitra tao amin'ny Asam-baomiera niaraka tamin'ny namana isika ary nisy zavatra tonga ao an-tsaina ihany koa. Ombako manana ny tenin'ny Solombavambahoaka voafidy tao Sakaraha teo hoe: ity tolo-dalàna ity dia mikasika ny anjara andraikitra ny vehivavy amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra. Araka ny nambaran-dRamatoa Mpanolotra ny tolo-dalàna teo, mbola ambany tokoa ny tahan'ny vehivavy amin'izany sehatra izany. Raha adika amin'ny teny fohy, tokony ho samy 50% izany. Io fitoviana io, aoka ho fantatsika fa tsy tonga dia tratra ny tanjona kendrena, fa mandeha tsikelikely, ny ao amin'ny Governemanta amin'izao dia mahatratra 37%, mety hiakatra tsikelikely izany, fa tsy hoe eo noho eo. Tao anatin'ny adihevitra dia tsy ny fanatratrarana fotsiny ny taha, fa ilaina ny "qualité" sy ny "compétence" izay tsy maintsy hojerena. Araka izany indrindra no mikasika ny fampianarana ny ankizivavy teo, tsy fantatro fa nisy fotoana na mbola mitohy ny fampianarana ny zaza ary tena nojerena tamin'izany ny taonan'ny zaza tsy maintsy ampidirina any an-tsekoly, fa tsy misy mihitsy ny filazana hoe ny zazavavy no atao laharam-pahamehana. Matetika raha ny Ray aman-dreny no jerena, ny zazalahy no alefa mianatra kanefa ny zazavavy no fototry ny zavatra rehetra, indrindra momba ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Manarak'izay, amafisiko ny tenin'ny Solombavambahoaka teo hoe tokony hanana "confiance en soi" ny vehivavy. Tsy matoky tena ny vehivavy noho ny tsindry nahazo azy ara-bola hatramin'izay, mbola manjaka ao anatin'ny tsy fahafahana manapakevitra. Izany no antony itaomana antsika lehilahy ao anatin'ny fiaraha-monina amin'ny tokony hanomezana lanja ny vehivavy amin'ny fahazoana izany "confiance en soi" izany satria raha tsy misy firaisan-kina amin'ny fiaraha-monintsika dia matetika ny vehivavy samy vehivavy ihany no manolotra ny olona hofidina na hotendrena; izay no zava-misy. Izany no isarihana ny saintsika.

Noresahantsika koa ny fanendrena; tsy ny salanisa no enjehina na mihetsiketsika koa dia voatendry, fa tsy maintsy manana fahalalana sy miezaka amin'izay andraikitra omena azy ny vehivavy. Rehefa omena izany andraikitra izany ny tenany, tsapa fa tena manao tokoa. Marina ny mikasika ny andron'ny 8 Martsa teo, satria rehefa miteny "Genre" dia resaka lehilahy sy vehivavy no anatin'izany ary fifaneken'ny roa tonta izany. Hafahafa ihany raha ny vehivavy ihany no omena zo tsy hiasa, fa angatahana koa ny mba tsy hiasa ny lehilahy amin'io andro io. Manaiky an'izany ny tenako.

Izay angamba no fanamafisana ny zavatra rehetra voalaza teo, fa rehefa mijery ny andininy isika, hisy andalana tsy maintsy resahana amin'ny manaraka.

Manainga antsika rehetra mba handany azy ity mba handraisan'ny vehivavy anjara amin'ny toeran'ny fanapahan-kevitra satria raha ny vehivavy no omena toerana amin'izany dia fampandrosoana tokoa no ho hita.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Betafo.

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba, an-dRamatoa Filoha, tamin'ny fanolorana ity tolo-dalàna ity ary manome hasina sahady ny fampandrosoana izay miainga amin'ny fampanraisana sy fanomezana fanapahan-kevitra ny vehivavy.

Mazava ny voalazan-dRamatoa Solombavambahoaka teo hoe tsy ny “égalité numérique” no zava-dehibe fa ny “principe d’égalité d’accès” sy ny “égalité de participation”. Izany hoe, ny fanomezana hery avy hatrany ny vehivavy mba hialana amin'ny fifanilihana satria ny vehivavy tsy manana herijika hahazo izany toerana izany. Izay no zava-dehibe hitako misongadina amin'ity tolo-dalàna ity; na eo aza izany, mipetraka hatrany ny fanomezan-jo izay mitaky adidy. Ny adidy koa dia mitaky fametrahana asa ao anatin'ny fanajana ny soatoavina mba hialana amin'ny hoe raha mahazo toerana ny vehivavy dia lasa ny vady ao an-trano indray no lasa mpanampy. Raha ny fahendrena sy ny soatoavina; ohatra raha any am-piasana ny renim-pianakaviana, tokony hitazona ny mahalehibe azy izy, raisina ohatra amin'izany, Ramatoa Filohantsika, izay manome lanja manokana ny ray rehefa tonga ny fotoam-pivoriana. Soa fianatra izany hetsika izany.

Koa manentana antsika rehetra mba handany ny tolo-dalàna natolony.

Ny tenanay dia Filoha Lefitra ao amin'ny SADC, misy fomba fiasa ifampizarana amintsika; raha ao anaty vaomiera anankiray ka lehilahy no Filoha, ny Filoha Lefitra amin'izany dia vehivavy ary raha vehivavy kosa no Filoha, lehilahy no Filoha Lefitra ary tsy azo fidina ho Filoha Lefitra ny vehivavy. Ny tenako no lany tamin'izany. Indrisy fa naongana ny vehivavy, hany ka lasa lehilahy daholo izany ankehitriny. Efa nampiharina izany tamin'ny fifidianana vaomiera farany teo; soa fianatra ary efa manatanteraka izany ny ao “Rwanda” amin'izao fotoana izao. Manoloana izany, tsara ihany ny anazavana satria hiditra amin'ny isan'andiny isika, ao amin'ny andiny faha-6 manao hoe: “Nonobstant les dispositions légales concernant les différentes catégories d’élections ainsi que celles portant sur l’organisation des partis politiques, une proportion de 50% est requise...». Ny «terme» no tokony hovaina, tsy fantatro na “encouragé” no azo ilazana azy na tsia, satria amin'ny taona 2030 isika vao mety hahatratra izany salan'isa mitovy izany. Ny mikasika ny hoe «requis» dia eritreretina hoe tokony homena teny mahalaza azy tsara satria ny zava-dehibe dia ny «accès» sy ny fampirisihana. Mazava fa tsy ny fitovian'ny salanisa no zava-dehibe, fa ny fanomezana herijika hahafahana mahazo ny «accès» amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Azo lazaina fa feno tanteraka ny tolo-dalàna, fa mila azavaina ny mikasika io teny io.

Koa manentana ny namana rehetra mba handany ny tolo-dalàna satria hitondra mankany amin'ny fampandrosoana raha haintsika ny mandala ny soatoavina maha Malagasy antsika.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA.

Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Bealanana.

Ramatoa VOLAHAINGO Marie Therèse

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mikasika ny tolo-dalàna natolotry ny Filohantsika, efa ela no niandrasana azy ity ary tonga izy ankehitriny. Tsapa fa tsy ny vehivavy no tsy mazoto hilatsaka hofidina na tsy sahy na tsy ilaina ho tendrena amin'ny toeran'ny fanapahan-kevitra, fa raha ny fahitako azy, mialohan'izao tolo-dalàna izao, tokony nisy lalàna hafa nataontsika satria inona no sakana mahatonga ny vehivavy ho vitsy, tsy sahy hilatsaka hofidina. Inona koa no sakana mahatonga ny mpanendry hisalasala hanendry vehivavy.

Tsapa fa misy tarazo eo amin'ny fomban-drazantsika izay sarotra ny miala amin'izany. Raisina ohatra amin'izany, 14 na 15 taona ny ankizivavy dia alefa manambady; eken'ny fiaraha-monina izany. Zaza hita fa mbola kely izao dia atakalo omby. Tsy miteny ny fiaraha-monina. Tsy afaka mianatra ny zazavavy kanefa handeha hiteraka. Ekentsika rehetra izany. Sakana tsy hahavitan'ny zazavavy mianatra sy hiroso amin'ny fianarany izany.

Heveriko fa efa nisy tolo-dalàna talohan'ity tolo-dalàna ity mba ho fanasaziana ny olona manao izany. Izany hoe, tsy maintsy alefa mianatra ny zazavavy, fa tsy hatao mpitaiza zaza ao an-trano. Mipetraka any an-trano ny zazavavy fa ny zazalahy no alefa mianatra. Tsy mety izany satria izay no sakana tsy nahatongavantsika vehivavy tsy nahatratrarana ny hoe 50/50 mba ho maro ny vehivavy ho amin'ny toeran'ny mpandray andraikitra.

Mbola lavidavitra ny dingana ahatongavana amin'ity satria ny fiaraha-monina sy ny fombafomba samihafa no anisan'ny sakana ary mametraka tarazo tsy haharesy lahatra ny mpifidy hifidy vehivavy, ny mpanendry hanendry ny vehivavy.

Araka ny nohazavain'ny Solombavambahoaka DINAH Romual teo hoe mila mihetsiketsika ianareo vehivavy, ataovy izay handresenareo lahatra anay. Raha ny fifidianana eto Madagasikara, isika rehetra dia mahafantatra; rehefa tsy ampy ny hoenti-manana, indrindra ny vehivavy dia sarotra ny handresen-dahatra ny mpifidy; kanefa raha amin'ny lafiny ara-toekarena hatramin'izay dia nanome sehatra ny lehilahy hatrany eo amin'ny fitadiavam-bola. Any aminay any, Ramatoa Filoha, ny lehilahy no mandeha mitady, ny vehivavy mipetraka an-trano mitaiza zaza eo amin'ny 6 volana eo ho eo. Iray taona ny lehilahy mandeha mitady, mioty kafe, mikarama mandidy vary, fa ny vehivavy mipetraka an-trano, miandry vola izay entin'ny lehilahy. Iza no mpanapakevitra, iza no manana ny vola; ny lehilahy hatrany. Raha maniry hilatsaka aza isika vehivavy marobe ireto, tsy afaka. Efa noresahantsika teo ny traikefa sy ny hoenti-manana; tsy matoky tena isika raha tsy manam-bola rehefa hilatsaka. Inona no tokony hatao mba hanomezana ny sehatra ny vehivavy hiditra amin'ny lafiny ara-toekarena mba hampanam-bola azy sy hanana ny hoenti-manana.

Mitodika amintsika vehivavy ny tenako, isika rehetra azo lazaina fa vehivavy matoky tena, manana ny andraikitra napetraka amintsika. Mitaona antsika, inona no tokony hataontsika mba tsy hiandry lehilahy, raha misy lehilahy mazoto dia raisintsika hanentana antsika amin'ny asantsika.

Maro ny manam-paniriana any ivelany, mazoto, maro ny te-hianatra, maro ny te-hivoatra, maro ny te-hilatsaka hofidina. Inona no sehatra na hetsika tokony hataontsika vehivavy, indrindra isika efa ato anatin'ny efitrano ato, mba hanentanantsika ny namantsika, hanazavana amin'ny lehilahy. Tena ilain'ny fiaraha-monina, ilain'ny firenena ny vehivavy mandray andraikitra na olom-boafidy izany na mpanapakevitra na mpitondra fiangonana

amin'ny sehatra maro samihafa. Tsy hanimbazimba fomban-drazana fa raha isika vehivavy maro an'isa tsy omena andraikitra, tsy omena asa dia mbola lavitry ny fampandrosoana izay kendrena.

Izay no mba angatahako, mahita amin'ny fandaharam-potoanantsika ato ny tenako, misy fivoriana iarahana amin'ny EISA ny «Commission Genre», hangataka amin'ny EISA isika, hangataka hanao fidinana ifotony isika na hanao fifampiresahana hanentanantsika ireny vehivavy namantsika ireny mba ho sahy, hazoto hanazavana ity lalàna ity.

Raha ity lalàna ity no mipetraka fa tsy misy hetsika atao dia ho sarotra satria ny lehilahy miady amin'ny tsy handraisan'ny vehivavy andraikitra, miady amin'ny tsy hisian'ny vehivavy olom-boafidy, kanefa ny zavatra tsapa amin'ny fifidianana dia ny vehivavy no manosika ny lehilahy hofidina.

Matetika ny zavatra misy, rehefa misy vehivavy milatsaka hofidina, ny vehivavy samy vehivavy no misintona azy midina. Isika vehivavy ihany no mahatonga antsika tsy ho lany.

Izay no zava-misy, hitaonana anaovana antso, Ramatoa Filoha, antsoy izahay vehivavy samy namantsika hanao hetsika hanampy ity lalàna ity ho lany, mba ho maro ny vehivavy sahy hirotsaka hofidina hanamaro isa amin'ny sehatra fandraisana andraikitra. Hiakatra amin'ny fahitalavitra isika hanentana, hijoro vavolombelona satria mila fahasahiana, mila fahaizana, mila tosika ny vehivavy Malagasy.

Andriamatoa FILOHA

Mandray fitenanana ny Solombavambahoaka manaraka.

Andriamatoa DARKHAOUI Siritis

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mihodinkodina ity resaka ity. Maninona no tsy alefa ny tsangan-tànana, satria ny tanjontsika rehetra amin'ity lalàna ity dia iray ihany.

Efa mazava ny resaka, ianareo vehivavy anie mpanolotsaina anay lehilahy; raha tsy eo ianareo, tranovato mitete izahay, tsy misy zavatra vanona. Alefaso ny tsangan-tànana handravonantsika ity resaka ity.

Andriamatoa FILOHA

Omena fitenanana ny Solombavambahoaka manaraka..

Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc

Miangavy antsika rehetra mba hiroso amin'ny fandaniana ity lalàna ity.

Andriamatoa FILOHA

Mangataka fitenenana Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenana sady mpanolotra ny tolo-dalàna.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Raha sitrakareo nangataka fitenenana teo aloha, mba handray fitenenana kely ny tenako.

Misaotra anareo nandray fitenenana rehetra, misaotra an-dRamatoa VOLAHAINGO Marie Thérèse, voafidy tao Bealanana satria marina tokoa izany.

Ity lalàna ity dia mipetraka ho fanombohan-javatra, fa aorian'ny fahalaniany mihitsy no tena izy; amin'izay fotoana izay no tena ho fampiharana azy. Tsara mihitsy amin'ny fahalanian'ity lalàna ity, efa fantatra fa ho lany fa rehefa tena lasa lalàna vao tena ho mafy ny asa ahatongavana amin'io 50% io. Mila miezaka ny tsirairay mba hiasa amin'izay momba ny fanentanana.

Tiako hazavaina fa nanana ahiahy ny Solombavambahoaka voafidy tao Betafo. Marina loatra ny hoe ao amin'ny andalana faha-6 io, tiako hanomezana fanazavana hoe, misy taha "50% est requisite" ao. Efa nohalefahana io, fa teo aloha nisy hoe «obligatoire», efa natao hoe takiana na "requisite", fa tsy misy sazy "sous peine de sanction", tsy nasiana an'izay ny «formule», fa takiana fotsiny na mahafeno an'io na tsy mahafeno an'io. Mety hisy Andrimpanjakana hafa angamba hijery hoe hisy «sanction» ve sa tsy hisy. Raha tiantsika hisy sazy mantsy io dia nasiana hoe «sous peine de sanction» fa navela amin'izao.

Ianao nanao «proposition» hoe hampirisihana, fa ity kosa takiana. Anjarantsika no misafidy an'izay fa miroso alohaloha kokoa amin'ny fampiharana azy amin'ny fanambarana hoe «requisite». Raha hampirisihana izy dia mety tsy hanao, mety tsy hotaitra. Ny ahatongavana amin'io 50% io amintsika, iaraha-mahalala fa zavatra mbola vao hatomboka ity, indrindra ny vehivavy tratan'ny tsy fahasahiana miseho, tratan'ny tsindry miseho eo amin'ny fiaraha-monina. Ho fitakiana ve no hozakantsika sa ny fampirisihana.

Misy «proposition», Andriamatoa Filoha, koa tsara raha atao isaky ny «chapitre» angamba no fandaniana ity tolo-dalàna ity. Fitakiana io ary tsy misy sazy hoe «sous peine de nullité» avy hatrany raha tsy nahafeno izy.

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andriamatoa FILOHA

Taorian'izay fandraisam-pitenenana maromaro, tsy nisy fanontaniana fa fanamarihana, fanentanana, fandresen-dahatra no nataon'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana rehetra teo.

Raha ankasitrahantsika, omena ny solotenan'ny Governemanta sy ny departemanta Ministerialy ny fitenenana sao manan-kambara ry zareo mialohan'ny hamerenantsika azy amin-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena izay nanolotra ny tolo-dalàna.

Ramatoa RAKOTONIRINA Miarisoa Patricia, Tale ao amin'ny Minisiteran'ny Minisiteran'ny Mponina, Fiahiana ara-Tsosialy sy ny Fampiroboroana ny Vehivavy

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;
Ianareo Filoha Lefitra;
Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;
Ianareo Solombavambahoaka tsy ankanavaka;
Ianareo solotenan'ny Fiaraha-monim-pirenena;
Ianareo teknisiana manatrika eto.

Ny voalohan-teny dia ny fampitana aminareo ny fialan-tsinin'ireo Minisitra voakasik'ity tolo-dalàna ity.

Izahay manatrika eto dia avy amin'ny Minisiteran'ny Mponina, ny Minisiteran'ny Fitsarana ary ny Minisiteran'ny Asam-panjakana.

Isaorana ianao, Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, nanolotra ity tolo-dalàna ity. Araka ny taratasy nalefan'ny Governemanta dia misy teboka vitsivitsy hitany mikasika ity tolo-dalàna ity.

Ny olana ankehitriny dia ny fahakelezan'ny tahan'ny vehivavy mandray anjara amin'ny fiainam-pirenena. Raha jerana anefa ireo «texte» misy eto amintsika, indrindra ny Lalàmpanorenena, hita fa tsy manakana izany fandraisana anjaran'ny vehivavy izany. Tsy voatery ho ny lalana no hametraka ny fandraisana anjaran'ny vehivavy, fa amin'ny alalan'ny fanentanana bebe kokoa hampiakatra ny tahan'izay fandraisana anjara izay.

Ny lalàna velona eto Madagasikara, araka ny nolazaiko teo hoe tsy mandrara ny fandraisan'ny vehivavy anjara eo amin'ny toerana ambony, afaka manapakevitra, raha tsy hilaza afa-tsy ny Lalàmpanorenana ao amin'ny andininy faha-6 izay milaza mazava tsara fa: «La loi favorise l'égal accès et la participation des femmes et des hommes aux emplois publics et aux fonctions dans le domaine de la vie politique, économique et sociale».

Ao anatin'izay koa na ny lalàna mifehy ny mpiasam-panjakana na ny lalàna mifehy ny asa maro tsy voatanisa, tsy mandrara ny fandraisana anjaran'ny vehivavy.

Raha hiresaka olom-boafidy indray isika, efa maro ireo vehivavy nirotsaka ho Solombavambahoaka, ny Ben'ny Tanàna, hatramin'ny Filohampirenena aza, efa nisy kandida vehivavy raha ny teto Madagasikara no resahana. Izany rehetra izany dia efa manamafy fa mandray anjara lehibe ny vehivavy, fa mila fanentanana maromaro ireo Solombavambahoaka izay nilaza izay; mila fanentanana bebe kokoa, fa tsy voatery hoe tsy maintsy lalàna no mametraka izany fandraisana anjaran'ny vehivavy izany.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-43 ao amin'ny Lalàmpanorenana, efa misy ihany koa ny «haut conseil des droits de l'homme» izay manao «contrôle de promotion et connexion en droit de l'homme». Tafiditra ao anatin'izany ny resaka «égalité de chance», ny «égalité d'accès» amin'ny hisian'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny resaka fifidianana.

Ny andininy faha-55 ao amin'ny Lalàmpanorenana izay milaza hoe: «Le Président dispose des organes de contrôle de l'Administration». Voafaritra ao anatin'ny Lalàmpanorenana koa ao amin'ny andininy faha-54, fa ny Filohan'ny Repoblika no manendry ny olom-panjakana ambony mandritry ny Filankevitry ny Minisitra.

Ny tena tiana holazaina eto dia ekena fa ambany ny tahan'ny fandraisana anjaran'ny vehivavy amin'ny toerana ambony sy amin'ny fanapahan-kevitra.

Ho anay manokana ato amin'ny Minisiteran'ny Mponina, izay indrindra anohanany ny fananganana ny fivondronam-ben'ny vehivavy ao amin'ny vehivavy miavotra. Efa voalazantsika vehivavy teo ihany hoe: tsy ny vehivavy rehetra akory no mila fanentanana, fa ilaina entanina koa ny lehilahy amin'izay toeran'ny vehivavy eo anivon'ny fiaraha-monina

izay. Misy ny fanohanana'ny Minisiteran'ny Mponina ihany koa amin'ny fivondronan'ny lehilahy mandray andraikitra. Ny zavatra iray lehibe voalazantsika teo dia mikasika ny fiaraha-monina izay misy ny anjara toerana lehibe ho an'ireo izay olon-dehibe to-teny. Misy ihany ny fivondronam-ben'ny zokiolona na ny Raiaman-dReny ara-drazana ao anatin'ny atao hoe fikambanan'ny olon-kendry.

Entina handresen-dahatra ireo fivondronana ireo momba ny lanjan'ny vehivavy na eo anivon'ny fiaraha-monina izany na ny fandraisana anjara eo amin'ny fiainam-pirenena.

Farany, araka ny fehin-kevitra nalefan'ny Governemanta; nangataka izy mba hisy fakan-kevitra bebe kokoa eny anivon'ny fiaraha-monina mikasika ity tolo-dalàna ity.

Misy fangatahana fanatsarana ihany koa ao amin'ny tolo-dalàna izay natao ao amin'ny "article 9", eo amin'ny teboka hoe: "deux Magistrats spécialisés dans les questions de genre, désignés par leur pairs". Ny fangatahana raha mety, esorina ny hoe "désignés par leur pairs" mba hitovy amin'ny teboka hafa any amin'ny «modalité d'application» any amin'ny «voie réglementaire» no hametrahana izay «désignation» izay.

Izay sy izay angamba no avy aminay solotenan'ny Governemanta.

Mankasitraka Tompokolahy.

Misaotra Tompokovavy.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anareo avy ao amin'ny Governemanta sy ny Departemanta ny Minisiterialy voakasika amin'ity raharaha ity nitondra izay fanamarihana izay.

Misy fanatsarana, misy sosokevitra nentiny teo eo amin'ny "article 9"; fa alohan'ny hirosoantsika, averina amitsika Solombavambahoaka ny fitenenana sao mbola misy manankambara.

Ny Solombavambahoakan ANDRIANAMBININA Djohary Lee; mbola mangataka fitenenana.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee

Misaotra Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Roa no fanontaniako, fa ny iray efa novalian-dRamatoa Filoha teo ihany mikasika ny "article 6" izay saika hangatahako fanazavana misimisy; ny iray manitikitika ny tenako dia zavatra roa.

Voalohany amin'ny resaka "égalité de genre", ny resaka "genre" izany no ohatra manelingelina ny sofiko hoe: "je préfère le mot sexe" noho izay ny "mot genre"; eto amin'ity lalàna ity mihitsy, satria raha ny fahalalako azy, ohatran'ny misy "définition" vaovao izay ity "mot genre" ity. Izay no somary manahirana ny tenako.

Faharoa, ny resaka "parité femme homme"; efa izay mihitsy ve no izy hoe «parité femme homme». Ato anaty "texte", tiako hazavaina kokoa hoe maninona no lasa "parité femme homme", fa tsy "homme femme". Efa izay mihitsy ve no tanjona sa ahoana. Misy maromaro ihany ato hoe "femme et homme" foana amin'ny "parité". Izay no fanontaniako.

Miditra amin'ny "article 2", amin'ny resaka hoe "le fait pour une femme et un homme de faire l'objet d'une représentation équitable et juste au sein des Institutions». Miresaka «femme et homme» foana ato, izay no tiako hazavaina kely. Izay angamba.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, mangataka fitenenana ny Solombavambahoaka MASY Goulamaly Marie Jeanne d'Arc.

Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne d'Arc

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mikasika ny fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka no tiako handraisana fitenenana alohan'ny anohizan-dry zareo teknisiana.

Raha ohatra atao «égalité de sexe» io, tsy hitovy mihitsy ny vehivavy sy lehilahy. Ny zavatra angatahantsika eto dia ny zo no fahalalako azy, fa mbola hanazava ry zareo ary efa nisy resaka nikasika ny «genre» tao amin'ny asam-baomiera. Ny «genre» eto Madagasikara dia mbola tsy misy resaka an'izany, fa hafa ankoatran'izay ny mahalahy sy mahavavy. Ny fitovian-jo eo amin'ny mahalahy sy mahavavy, izay ihany ny antsika aloha, fa mbola tsy nisy resaka zavatra hafa izay mampieritreritra ny sain'ny olona, ka mahatonga resabe. Tsy mbola handinika zavatra lavitra aloha, fa io ny antsika ny «genre», lahy sy vavy. Ity tolo-dàlana ity, tsy tolo-dalàna hitoviana amin'ny lehilahy, fa tolo-dàlana hiadiana ny zon'ny vehivavy. Izay no izy, mba hanomezantsika sehatra ny vehivavy fa hararaotiko kely amin'Andriamatoa Solombavambahoaka AFAKANDRO Alphonse.

Marina mihitsy ny ahiahin'ny lehilahy sasantsasany izay mieritreritra hoe lasa voakitikitika ny fomban-drazantsika Malagasy. Tsy ho voakitikitika mihitsy ny fomban-drazantsika, ohatran'ny any amiko izao fantatsika tsara fa saoritiny be ny mampitondra teny ny vehivavy amin'ny resaka nandeha tany Androy sy Tsihombe io. Amiko, izany atao hoe Solombavambahoaka izany dia irakiraka, tsy ho mpitondra hazo manga mihitsy izany ary tsy hiady ny «rôle»-n'ny lehilahy izay efa napetratsika Malagasy. Zava-dehibe izany ary heverintsika fa manan-kasina. Tsy ny vehivavy Malagasy mihitsy no hanala izay toeran'ny mahalehilahy natao ho raim-pianakaviana, ho loham-pianakaviana izay. Izaho aza tsy manaiky an'izany, izaho tsy afaka hihoatra sy hiady zo amin'ny lehilahy. Amin'ny mahavadiko azy, ny zavatra tsy tokony hataoko dia ny lehilahy no manao azy kanefa izaho no manao azy satria izaho Solombavambahoaka. Tsy eken'ny mahamalagasy atsika izany. Fantatro loatra mantsy fa betsaka ny lehilahy «sensible» amin'izany, fa ity tolo-dalàna ity dia apetraka amin'ny hoe homentsika sehatra ny vehivavy; resaka asa io, resaka fandraisana andraikitra io, resaka zo io.

Misaotra betsaka antsika nihaino ahy.

Andriamatoa FILOHA

Sao dia misy fanampiana fanazavana avy any anivon'ny solotenan'ny Governemanta sy ianareo avy amin'ny Minisitery mikasika izay efa voalaza teo, satria nangataka fanazavana ny Solombavambahoaka avy ao Vondrozo hoe maninona no soratana hoe «parité femmes hommes» fa tsy «hommes femmes» dia raha ohatra ka manana fanampim-panazavana ihany koa ianareo hoe mikasika ny «genre» fa tsy «sexe» dia omena anareo ny fitenenana.

Ramatoa RABETALIANINA Rova, Tale ao amin'ny Minisiteran'ny Minisiteran'ny Mponina, Fiahiana ara-Tsosialy sy ny Fampiroboroboana ny Vehivavy

Misaotra anareo Solombavambahoaka hajaina, nanome, ny fitenenana.

Amin'ny mahateknisiana izany no hanazavako ny resaka “genre”.

Raha ny resaka “genre” dia niainga avy amin'ny teny anglisy hoe “genders” izy ity. Nandeha ny “google traduction” dia niala any ny “terme genre” hoe “égalité de sexe”. Araka ny tenin'ny Solombavambahoaka MASY Goulamaly teo anefa, tsy mety hitombina mihitsy ny “égalité de sexe” satria samihafa mihitsy ny “sexe féminin” sy “sexe masculin”.

Ankoatran'izay, “au niveau international”, mba tsy hisian'ny fifangaroan'ny “terme”; na rehefa miteny hoe “égalité de genre” dia mbola sahirana mieritreritra azy “au niveau international”. Ny “terme” hoe “égalité entre l’homme et la femme” izay foana izany izao no “terme” tenenina. Momba ny hitantsika eto hoe “parité femmes hommes”, ka ny safidin'ny mpanoratra no mahatonga azy hoe «égalité hommes femmes» na “égalité femmes hommes” no hanoratana azy, kanefa iray ihany no «genre» ao aminy.

Ho antsika eto Madagasikara dia efa manomboka miandany amin'ny “égalité femmes hommes” isika izao.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Izay no fanampim-panazavana avy teo anivon'ny Governemanta.

Raha ohatra tsy manan-kambara intsony isika Solombavambahoaka, omena an-dRamatoa Filoha, ny fitenenana alohan'ny hirosoantsika amin'ny fandaniana azy.

Tsara ihany ny mampahatsiahy, fa nisy sosokevitra roa teo. Ny voalohany dia mangataka ny Solombavambahoaka namana, mba ho soloina “encouragé” ny “terme” ao amin'ny “article 6”

Ny faharoa, ny avy ao amin'ny solotenan'ny Governemanta, ao amin'ny “article 9” mikasika ny “nomination de deux Magistrats” mitambatra amin'ny komity hanara-maso an'io dia misy “amendement” na “modification” angatahany hoe mba tsy ho “nommé”-n'ny namany ireo olona ireo fa “nommé par voie réglementaire”. Izany hoe hisy “nomination” miainga any anivon'ny Fahefana Mpanatanteraka izay raisina eo amin'ny “Conseil des Ministres”. Izay no sosokevitra avy tany amin-dry zareo. Izay no mety hanova na tsia ny asam-baomiera hatreto, ny “article 9” sy “article 6”. Ireo aloha no hirosoantsika handraisana fanapahan-kevitra.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

Azafady fa nanapaka ny teninao, Andriamatoa Filoha, «la composition d’observatoire du genre»

Adriamatoa FILOHA

Izay indrindra, Tompoko

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

«Article 7», «article 9» izy ato, efa misy «version» ny «article 9». Azafady, Andriamatoa Filoha.

Misaotra Tompoko, tohizo Andriamatoa Filoha ny teninao.

Adriamatoa FILOHA

Mangataka fitenenana ny Minisitera; omena anareo ny fitenenana.

Ramatoa RAKOTONIRINA Miarisoa Patricia, Tale ao amin'ny Minisiteran'ny Minisiteran'ny Mponina, Fiahiana ara-Tsosialy sy ny Fampiroboroana ny Vehivavy

Misaotra, Adriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Esorina fotsiny ny “terme désignés par leur pairs”; izay no fangatahana, Tompoko.

Adriamatoa FILOHA

Misaotra betsaka anareo. Voaray izay ary raha ohatra tsy misy manan-kambara intsony dia hiroso amin'ny fandaniana isika ary rehefa tonga amin'ny “article 6” sy «article 9» isika vao mampiditra ny sosokevitra teo.

Mbola manan-kambara ve Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena azafady, izay tompon'ny tolo-dalàna.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

Misaotra, Adriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Momba ny nisy «proposition» teo: mbola te-hanamafy mikasika ny 50% ao amin'ny “article 6” ihany aho. Ny hoe “requis” soloina ho “encouragé”. Heveriko fa efa tsy misy “disposition de sanction” izy ity. Azo tazonina ihany ny hoe “requis” sa hatao hoe “exigé” na “reclamé”, “demandé”, “sollicité”; azo atao daholo izany. Mieritreritra aho fa «approprié» mihitsy io na «requis» na «exigé» satria mba efa lalàna handeha hampiharina izy ity, fa tsy mitsapatsapa na manandrakandrana isika.

Tsy misy «disposition de sanction» intsony ka mahatsara azy izay, fa raha nisy hoe «peine de nullité» no nanahirana ary hatrany amin'ny «jurisdiction» ny fitsarana dia milaza tahaka ny hoe manao «sanction». Hanao «interprétation» izy hoe tsy misy «dispositions de nullité absolue» ity zavatra ity, fa takiana fotsiny ary rehefa tsy mahafeno dia tsy misy «sanction de nullité» fa arakaraky ny mpitsara mitsara azy ihany.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, tamin'izay fanamarihana izay

Mangataka satroka farany angamba ny Solombavambahoaka, hajaina, REMI Dit DJAO Jean,

Andriamatoa REMI Dit DJAO JEAN

Misaotra, Adriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ny olona niteny rehetra teto tsy nisy nandà ny teninao, fa ataovy amin'izay ny fifidianana azy. Marihana koa fa tsy nisy Solombavambahoaka maro tahakan'izao namonjy fivoriana tato, fa fanomezana voninahitra anao no nahatongavanay eto.

- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny tolo-dalàna laharana faha-007-2021/PL -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Satria tsy misy handray fitenenana intsony dia hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isika.

Marihana fa misy toko miisa 5 ity tolo-dalàna ity ary ahitana andininy miisa 16.

Famelabelarana ny antonantony.

Lany tsy nasiam-panitsina sy nasim-panovàna. (Jereo ny tovana).

Izay manan-kambara.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany.

- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

“Chapitre I: “Généralités” ahitana ny andininy voalohany

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara mikasika

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany.

- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny «Généralités » ahitana ny andininy voalohany.

« Chapitre II: Définitions », andininy faharoa.
Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. (Jereo ny tovana).

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tanaan'izay mandany.

.
- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny "Chapitre II" izay mitondra ny « définitions ».

« Chapitre III : De la représentation femmes-hommes », Andininy fahatelo.
Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tanaan'izay mandany.

.
- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny « Chapitre III : De la représentation femmes-hommes »,

Andininy faha-4

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany.

- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny andininy faha-4.

Andininy faha-5

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany.

- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny andininy faha-5.

Andininy faha-6.

Eo no misy « amendement » teo, hajanona amin'ny « requise » ve sa ovaina ho “encouragé”.

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tanaan'izay mandany.

.
- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny Andininy faha-6 miaraka amin'ny fanovàna teo.

Andininy faha-7

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tanaan'izay mandany.

.
- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny Andininy faha-7

Andininy faha-8

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany.

.
- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny Andininy faha-8

Andininy faha-9

Tsara homarihana fa ity andininy faha-9 ity no nisy fanamarinana avy eny anivon'ny Minisitera teo.

Mangataka ny solotena avy ao anivon'ny Governemanta mba hamboarina ny fanoratana azy, esorina ny hoe: «*désignés par leur pairs* ».

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany.

.
- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny Andininy faha-9 ary misy ny fanatsarana teo.

« Chapitre IV : Des voies de recours juridique au manquement au principe de parité femmes-hommes ». Andininy faha-10.

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany.

.
- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny Andininy faha-10

Andininy faha-11

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany.

.
- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny Andininy faha-11

Andininy faha-12

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany.

.
- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny Andininy faha-12

Andininy faha-13

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany.

.
- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny Andininy faha-13

Andininy faha-14

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany.

.
- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny Andininy faha-14

« Chapitre V : Dispositions finales »

Andininy faha-15

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany.

.

- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny Andininy faha-15

Andininy faha-16

Lany nasiam-panitsina sy nasiam-panovàna. Jereo ny tovana.

Izay manan-kambara

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay mandany.

.

- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ny Andininy faha-16.

Vita izay ny fandaniantsika ny isan'andiny; izao kosa, hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny ankapobeny momba ity tolo-dalàna ity isika.

Ny andiny faha-90 amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'izany.

Atsangano ny tàmantsika izay mandany ity tolo-dalàna natolotry ny Filohan'ny Antenimierampirenena ity.

- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambara fa lany ity tolo-dalàna ity.

- Tehaka -

Misaotra ny Solombavambahoaka namana rehetra tamin'ny fanatanterahana ny adidy tamin'ny asa natao teto.

Raha ohatra manan-kambara ny Filohan'ny Antenimierampirenena izay tompon'ity tolo-dalàna ity dia omena anao, Tompoko, ny fitenenana.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ny teny ambara dia fanolorana fisaorana antsika izay nandray anjara tamin'ny fandanina ity tolo-dalàna ity hatrany amboalohany, ny mpamolavola, ny nanome toro hevitra rehetra, ny adihevitra rehetra, ny nandray fitenenana teto ary tonga tamin'ny fandaniana ny tolo-dalàna vaovao ho an'ny tany sy ny firenena izany isika.

Koa mankasitraka, mankatelina ary enga anie mba tsy ho anisan'ny firenena hisintaka amin'ny "concert des nations" izany isika.

Mankasitraka sy mankatelina ary mbola manome toky anareo koa; vonona izahay sady mampirisihana anareo mba hampivoaka haingana ny «disposition réglementaire» mikasika ny « décret d'application » momba ity lalàna ity.

Araka ny nambarako teo, lany ny lalàna ary raha vao lany izy dia manan-kery, ka eto vao tena hanomboka ny asa. Ianareo lehilahy efa nanome toky tamin'ny nifidianana azy sady vonona ny hifampitantana, hifandray tànana isika eo amin'ny fanentanana ary indrindra ho lany sy hampiharina koa ny zon'ny lehilahy satria na ny lahy na ny vavy dia mifameno izany ary izay no antoky ny fampandrosoana maharitra.

Mankasitraka Tompokolahy.

Mankatelina Tompokovavy.

Andriamatoa FILOHA

Tsara homarihana, fa fampandehanan-draharaha no itoeranay amin'izao toerana izao satria ny Filohan'ny Antenimierampirenena no tompon'ny tolo-dalàna teo. Voafidy izay ny lalàna, koa iangaviana ampanajana ianao, Ramatoa Filoha, handray ny toeranao hanohy ny raharaha. Averina aminao ampanajana tanteraka ny sehatra sy ny toerana izay anjaranao, Ramatoa Filoha.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

Tsara tso-drano ianao, Andriamatoa Filoha, mitantana izao fivoriambe izao, koa tohizo hatramin'ny farany amin'ny fampanenona ny lakolosy ny fotoana.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Ramatoa Filoha.

Satria nomena fahefana ny tenanay, ka afaka manohy ny raharaha.

- 8 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Andriamatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Isika Solombavambahoaka hajaina, namana, rehetra; isaorana tamin'ny adidy sy andraikitra vitantsika.

Alohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tsara ny mampahatsiahy antsika, fa miverina eto amin'ity toerana ity isika amin'ny 3 ora, tolak'andro' manohy ny andraikitra sy raharaha apetraky ny vahoaka sy ny firenena amintsika, handray fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-026/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Energie Electrique à Madagascar PRIRTEM I conclu le 29 Novembre 2021 entre la République de Madagascar et de la Banque Européenne d'Investissement (BEI) izay hatao ato amin'ny « Salle des séances ».

Koa manentana antsika Solombavambahoaka mba ho tonga maro hatrany ary havitrika amin'ny adidy sy andraikitra apetraka amintsika.

Isaorana ianareo avy eo anivon'ny Governemanta sy ianareo avy amin'ny departemanta Minisiterialy voakasiky ny tolo-dalàna teo.

Mankasitraka amin'ny fiaraha-miasa ary mankatelina ihany koa tamin'ny tantsoroka nataonareo hananantsika lalàna mifanaraka amin'ny toetr'andro, mifanaraka amin'ny zavatra andrasan'ny firenena amintsika ary indrindra koa hampandroso ny fivelaran'ny tsirairay.


Mankasitraka indrindra ary mirary antsika hazoto homana amin'izao atoandro izao, fa hiverina isika rehefa avy eo.

Miato hatreo ny fivoriansika.

Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompokovavy.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 1 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.



NY FILOHA
RAZANAMAHASOA Christine Harijaona